Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

Vavaka Fiambenana alakamisy 23 jolay 2020

Thème : Ny amin'ny Fiangonana tao Sardisy
Texte : Apokalypsy 3,1-6

Mitarika : Pst Henintsoa Rasolonjatovo

Fiharabana Apostolika

FFPM171/1,2
1. Jeso, Mpanjaka malaza,
No Tompo Mpanjakanay;
Mahery sy tsara indrindra,
Ka Izy no aronay.
Mendrika hankalazaina
Noho ny heriny;
Eran-tany sy lanitra koa
Ny zo aman-dazany.

2. Tompo, Mpandahatra hendry,
Mpanao izao rehetra izao
Ny zara sy tendry ataony
Dia tsara sy mahasoa;
Mendrika ny hoderaina
Ny fandaharany;
Atolory ho Azy ny saotra,
Fa izy tadrinfin'io :
Ry Tompo Mpanjaka mahery ô ! sns...

Vavaka fihaonana sy fiaiken-keloka

FFPM354/1,3
1. Ny Mpamonjy no mitady
Fihavanana aminao
Izy no manambitamby
Hanatonanao izao;
Sao manjary fandatsana

Ny fifonana aminao,
Ka ny mety mihavana
Amin'ny Mpamonjy izao.

3. Sao ity no toriteny
Fara-fanasana anao;
Sao anio no fotoana
Fara-ahavelomanao;
Ka aza mba misalasala,
Sao manjary neninao,
Raho tsy mety mahalala
Izao fotoana mety izao.

Fampidirana

FFPM510/1
1. Jeso! ny hamarinanao
No lamba hitafianay,
Amin'ny andro farany,
Izany hifalianay.

Vakiteny 1 : Apokalypsy 3,1-2

Fanazavana fohy

FFPM510/2
2. Raha hitsangana izahay
Handray ny lova aminao,
Dia tena resy lahatra,
Fa Kristy no Mpanavotra.

Vavaka isan-tokantrano

- Mankasitraka an'Andriamanitra ny amin'ny tombon'andro nomeny.
- Fisaorana an'Andriamanitra ny amin'ny fitiavany antsika mitaona hanatona Azy.
- Handinin-tena ka hibaboka mangina amin'ny fahalemena mahatonga antsika hanao ny fanaon'izao tontolo izao.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 2 : Apokalypsy 3,3

Fanazavana fohy

FFPM510/3
3. Io lamba io no mbola vao,

Na levona izao tany izao,
Haharitra tsy rovitra.
Havaozin' Andriamanitra.

Vavaka isan-takantrano

- Mahatsiaro ny fitiavan'Andriamanitra mialoha mandrakariva ny fitiavantsika Azy.
- Mangataka ny Fanahy Masina hampibebaka antsika.
- Mangataka fibebahana ho an'ny tanindrazantsika.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 3 : Apokalypsy 3,4-5

Fanazavana fohy

FFPM510/4

4. Ny hery sy ny antranao
Toroy izao tontolo izao;
Ampandrosoy ny teninao,
Ampanekeo ny rafinao,

Vavaka isan-tokantrano

- Miverina indray ho ao an-tranon-dray tahaka ilay zanaka adala.
- Mitondra am-bavaka ny vahoakan'Andriamanitra mba samy handresy amin'ny adiny.
- Mangataka fampiononana ho an'ireo namoy havan-tiana.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 4 : Apokalypsy 3,6

Fanazavana fohy

FFPM510/5

5. Ny maty hahare ny feo
Hiantso azy ho velona;
Jeso! ny hamarinanao
No lamba hitafianay.

Vavaka isan-tokantrano

- Mangataka mba ho tehirizin'ny Fanahy Masina ny fanapahan-kevitra noraisintsika hiverina amin'Andriamanitra.
- Mivavaka ho an'ireo menaky ny aina sy ireo tanora anaty fanadinana.
- Mivavaka ho an'ireo tsy misy taratasy sy tsy manan-trano.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

FFPM298/1
1. Aina no fetra ry Tompo Mpanjaka,
Aina no fetra anarahana anao,
Ka ny faneva tsy maintsy ho zaka,
Ny fanompoana tsy maintsy atao.

Fiv : Indreto izahay, hilanja faneva,
Ilay hazo izay nanavotana anay;
An-tsitrapo no anoloranay tena,
Ka tano mba ho Anao izahay.

Hafatra :

Romana 13,12-14
« Efa ho lasa ny alina, ka efa mby akaiky kokoa ny andro, koa aoka hariantsika ny asan' ny maizina ka hitafiantsika ny fiadian' ny mazava. Aoka isika hitondra tena tsara toy ny amin' ny andro; tsy amin' ny filalaovan-dratsy, na amin' ny fahamamoana, tsy amin' ny fijangajangana, na amin' ny fijejojejoana, tsy amin' ny fifandirana, na amin' ny fialonana. Fa itafio Jesosy Kristy Tompo, ary aza miahy ny amin' ny nofo hahatanteraka ny filany.»

FFPM298/2,5
3. Aina no fetra, ry Tompo malala!
Aina no fetran'ny fitiavanay;
Ka sanatria izay handao na hiala;
Mandrakizay, ho Anao izahay.
Indreto izahay, hilanja faneva, sns…

5. Aina no fetra, ka ampio, ry Fanahy!
Aina no fetra, vonjeo e, ry Ray!
Aina no fetra, izahay re no sahy;
Aina no fetra, handresy izahay.
Indreto izahay, hilanja faneva, sns…

Tsodrano
Ary ho an' izay maharo anareo mba tsy ho tafintohina, ary hametraka anareo tsy hanan-tsiny eo anoloan' ny voninahiny amin' ny firavoravoana, ho an' Andriamanitra tokana, Mpamonjy antsika, amin' ny alalan' i Jesosy Kristy Tompontsika anie, ny voninahitra sy ny fahalehibiazana, ny fanjakana sy ny fahefana hatramin' ny taloha indrindra sy ankehitriny ary mandrakizay. Amena.